# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Jolay 2018

# 4 Alarobia
jolay

**Aseho ho epistilin'i Kristy izay entinay ianareo, tsy nosoratana tamin'ny ranomainty anefa, fa tamin'ny Fanahin'Andriamanitra velona, tsy teo amin'izay tena vato fisaka, fa teo amin'izay vato fisaka nofo, dia ny fo.** 2 Korintiana 3. 3

## Ilay vato voasoratra

Any amin'ny fidirana ao an-dohasahan'i Saint-Geniez, any atsimo-atsinanan'i Frantsa, dia misy toerana antsoina hoe „ilay vato voasoratra”. Hita eo amina vatolampy iray ao ny andalan-tsoratra roapolo natao sorabaventy milahatra tsara. Ny ambaran'ny soratra dia fankasitrahan'ny mponina ilay mpitarika romana antsoina hoe Dardanus, izay nampamaky ny tendrombohitra teo amin'io toerana io, mba hanokafana lalana azo andehanana. Noho izany soratra izany, dia tsy very ny anaran'ilay nanao soa.

Ao amin'ny andinin-tSoratra Masina tanisaina etsy ambony dia ambaran'ny apostoly Paoly ho „epistilin'i Kristy” ireo kristiana anoratany. Mandraka ankehitriny dia maro ireo tsy mba manana Baiboly na tsy mahay mamaky teny : tsy hisy afaka hahafantatra izay ambaran'ny Baiboly momba an'i Kristy izy ireo. Nefa raha manahaka an'i Kristy ny kristiana manodidina azy ireo, dia ireny kristiana ireny no epistily — na taratasy — hovakian'izy ireo. Dia amin'izany no hianarany hahafantatra an'i Jesosy.

Ny mponina sinoa tao amina tanàna kely iray, hono, rehefa avy nihaino ity misionera, dia nilaza taminy hoe : „Monina ato an-tanànanay io Jesosy resahinao io. Andao ianao hijery Azy !” Dia nentin'izy ireo nankany amina lahiantitra iray nanana filazantsara efa ela talohan'izany ilay misionera : namerimberina namaky ilay filazantsara io zokiolona io, ka nahay azy tsianjery, ary niaina azy isanandro. Io lehilahy io no epistilin'i Kristy, „fantatra sy vakin'ny olona rehetra”.

Ireo kristiana tany Korinto dia nandray an'i Jesosy ho Mpamonjy, ary ny fitondrantenan'izy ireo no nampiseho izany. Hita taratra teo amin'izy ireo Jesosy. „Andriamanitra ... no nampahazava ny fonay ho amin'ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny tavan'i Jesosy Kristy” (2 Korintiana 4. 6).